**Filoha Rajoelina** 3

**Toa hita amin'ny sehatra rehetra nefa toa aloka miserana ihany**

**Taona 2022 sy ny « Sorabe »** 6

**100% ny fanamby hoy Mr Aina**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 18 janoary 2022 Laharana 1253 Vidiny : **400 Ar**


**Fanomezana taombaovao** 4 5

**Kalendrie 2022**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Raharaham-pirenena 3

# Toa niaiky ny hadisoany tamin'ny taona 2009 Rajoelina




## Fitantanana tanàna 2

# Maloto sy potika Antananarivo Renivohitra



## Antananarivo Renivohitra 7

# Ny làlana no maika fa tsy izay teleferika



## Mpitondra sarotra'CAN 2

# Tsy misy CAN, tsy misy jiro tsy misy rano, tsy misy…



**Kolontsaina sy coronavirus** 6

**Mijaly tsy afaka miasa ireo mpanakanto**

**Malagasy atsy La Réunion** 2

**Trosabe tsy mamaly ny filan'ny vahoaka ny teleferika**

**Daka kely**

**17 janoary ange leity omaly e ! Toa hadinon'ialahy mihitsy ny maha kianjan'ny Demokrasia an'Ambohijatovo ry Boaikely a !**

Fiainam-pirenena

# Tsy fantatr'i Rajoelina ny tena atao hoe fandrosoana

Mailaka ery ny vavan'Ingahy Filoha milaza ny hoe izay mitsipaka ny ''téléphérique'' hono dia tsy tia fandrosoana.

FA INONA NO ATAO HOE FANDROSOANA ?

Iray tamin'ny teny filamatry ny Repoblika voalohany ny ''fandrosoana'', nesorina tao amin'ny lalampanorenan'ny Repoblika faharoa sy ny tapany voalohany tamin'ny Repoblika fahatelo, nony niverina teo amin'ny fitondrana Ny Amiraly Ratsiraka tamin'ny taona 1997, nokitihany ny lalampanorenan'ny Repoblika fahatelo dia naverina tao indray ny '' fandrosoana'' ary mbola ao hatramin'izao Repoblika fahaefatra izao.

Roso ny fototeny niavian'ny teny hoe ''fandrosoana'', izay azo adika mazava hoe tsy mihemotra, fa mizotra mankany aloha.

Ilaina ihany anefa ny manantitrantitra, fa tsy izay mirentirenty sy mamirapiratra dia azo antsoina hoe fandrosoana, f'izay mitondra fahasoavana sy fitoniana ho an'ny vahoaka no mendrika ny anarana hoe "fandrosoana".

Raha tsorina sy atao mahitsihitsy kokoa ny '' fandrosoana'', raha eo amin'ny lafiny fitondram-bahoaka dia ny fikatsahana izay fomba rehetra manala ny fahasahiranam-bahoaka, sy ny mampisitraka an'ireo vahoaka ny sahaza ny hetra naloany , ary ny tsy azo amaivanina dia tokony hifanaraka amin'ny toetaniny sy ny tantarany ary ny kolontsaina azony, fa sanatria tsy hitomany randrana manendrika ny hafa, ilay sokajiana ho ''fandrosoana''.

NY MPITONDRA NO MANAO IZAY HAMPISY NY FANDROSOANA

Manana adidy amin'ny fijerena izay mahasoa ny vahoaka izay mitondra , ka ny takiana aminy dia ny fahalalana ny antsoina hoe laharampahamehana sy filan'ny vahoaka andavanandro.

Tamin'ireo mpitondra nifandimby nandritra ny 60 taona mahery dia samy nanao izay ho afany avokoa, ireo nahazo fankatoavana avy tamin'ny vahoaka, afa tsy ny mpitondra ankehitriny izay tsy nitondra fampandrosoana sahaza ny vahoaka, fa lany andro manaratsy ireo nahavita teo aloha, ny '' werawera'' no lasa aloha fa tsy ny fijerena izay mety amin' ny vahoaka .

Ny fanaovan-dalana mampifandray ny malagasy sy ivezivezen'ny vokatra no lohalaharana amin'ny asa fampandrosoana ny firenena, nahavita 9000 km mahery ny Filoha Ravalomanana nandritra ny nahateo amin'ny fitondrana azy, ireo filoha sasany samy niezaka arak'izay tratrany na dia tsy mitovy amin'ny vitan'i Dada aza, fa ity amin'izao fotoana izao ity dia'' aotra'' tanteraka, ny RN 13 tetikasan'ny Filoha Rajaonarimampianina , tokony ho efa natomboka efa ela , kanefa sendra ny mpitondra mitamatama, ka amin'ity taona 2022 ity hono vao hatomboka indray, kanefa efa nanaovan'ilay Filoha vavabe, fa tsy hanao politika intsony hono izy raha tsy vita io RN13 io, ny hany fara herin'Ingahy Filoha dia ny mitokana lalana rarivato 200 m, izay tokony ho tokanan'ny sefo fokontany.

LAZAINA HO FANDROSOANA NY RENDRARENDRA TSY MAHASOA

Milaza azy ho sangany amin'ny fampandrosoana Ingahy Rajoelina , ka mitanisa fandaharan'asa izay tsy misy fiantraikany any amin'ny fiainambahoaka ,toy ny ''kianja Barea'' izay nandaniana volabe , kanefa dia niteraka fatiantoka makadiry ho an'ny firenena, satria tsy nitondra fandresena ho an'ny baolina kitra malagasy ilay kianja , fa vao nosantarina dia faharesena no azo, ny fahamaikana hitokana io kianja io ihany koa no namitahana ny vahoaka, ka nilazana fa voafehy hono ny koronaviriosy , dia io iaraha-mahita io fa mirongatra izy eto amin'ny Faritra Analamanga, ka hamoizana aina izay tsy mitsaha-mitombo ny isany, ary ilay kianja nidedahana dia kianja tafolanitra, ny tafo lanitra dia tsy manara-penitra, ny an'ny rehetra efa mitafo avokoa, sady ilay kianja mivadika ho '' piscine olympique" rehefa mirotsaka ny orana.

Ilay fitaterana mihantona manao gorisagorisa eny ambony eny antsoina hoe '' téléphérique '', no ventesin'Ingahy Filoha ho ''fandrosoana ''goavana , dia sahin'ilay Filoha ny miteny hoe hampihena ny fitohanan'ny fiara sy manadio ny tontolo iainana hono, satria fitaterana tsy mamoaka setroka, manahirana ny miady hevitra lava amin'io resaka " téléphérique" io, fa dia izay nambaran'ny Filoha Marc Ravalomanana no mazava indrindra dia ny hoe: tsy natao ho fitaovam-pitaterana ampiasaina amin'ny andavanandro ny "téléphérique" fa natokana ho an'ny toerana tsidihan'ny mpizahatany.

FEHINY

Telo taona izay no lasa tamin'ny fotoam-piasan'ny filoha ankehitriny, tsy hita izay "fandrosoana", f' izay vitan'ireo nitondra teo aloha aza tsy hain'ny Filoha sy ny mpiaramiasa aminy ny manohy sy miaro ireo zava-bita.

Ampy hanarenana ny firenena sy hitondrana " fandrosoana", ny fotoam-piasana dimy taona, voaporofo izany tamin'ny fitondran'ireo nitondra teo aloha, fa ny filoha amin'izao fotoana izao mihitsy no tsy hanao raha.

Ny vahoaka tsy bado akory fa manan-tsaina mandinika sy havanana amin'ny fampitahana ny nataon'ireo efa nitondra, ka raha "fandrosoana" no resahina, dia izay mpitondra mitsinjo ny fahasahiranam-bahoaka ihany no fantatry ny vahoaka ho nitondra ny" fandrosoana ", nampiakatra ny fahefa-mividy, nampisy ny fandriampahalemana, nahavita lalana , nahatafiditra an-tsekoly ny taranaka , nahazoana fitsaboana sahaza sns ... Fa ny renty manadala sy ny ravoravo natentina , miampy bala rora tsy mamokatra toy ny ataon'Ingahy Rajoelina dia tsy" fandrosoana" no anarany, fa vao mainka aza fandetehana ny firenena any amin'ny lavaka mangitsokitsoka , noho ireo voalaza rehetra ireo dia tsotra ny amehezana azy: Rajoelina , filoha tsy tia " fandrosoana", filoha tsy mahafantatra ny tena atao hoe: "fandrosoana"!

***Ny Valosoa***

Malagasy atsy La Réunion

# Trosabe tsy mamaly ny filan'ny vahoaka ny teleferika

Nandefa taratasy any amin'ireo senatera sy depiote Frantsay atsy amin'ny Nosy La Réunion, ireo Malagasy mizaka ny zom-pirenena Frantsay atsy amin'ity Nosy rahavavy ity. Nanaitra ireto mpanao lalàna Frantsay ireto izy ireo, nanambara fa trosabe tsy mamaly ny filan'ny vahoaka ny fikasan'ny fitondrana Rajoelina hanao teleferika eto Antananarivo. Zavatra hafa no maha-maika eto Antananarivo, sy eto Madagasikara hoy izy ireo, fa tsy ity karazam-pitaterana mihantona ity.

***Nangonin'i Niaina***

Mouvement des citoyens français d'origine Malagasy
Courrier pour les sénateurs et députés de La Réunion

Mesdames, Messieurs les sénateurs et députés de La Réunion

Connaissant votre attachement aux relations qui unissent La Réunion et Madagascar, nous nous permettons d'attirer votre attention sur les scandales qui entourent le projet de construction de téléphérique à Antananarivo et que le gouvernement français s'apprête à financer à hauteur de 152 millions d'euros. Dans la présente vidéo (https://youtu.be/iijBBAeh6hs ) nous avons recensé 13 raisons qui justifient l'abandon de ce projet inutile, budgétivore, voire indécent, compte tenu de l'extrême pauvreté de la population. L'urgence est ailleurs, la famine qui sévit dans le Sud, l'inflation galopante non maitrisée. Les Malagasy vivent dans la précarité chronique et ont d'abord besoin qu'on assure leurs besoins de base.

Nous alertons le gouvernement français que :

- ce projet d'endettement est totalement incompatible avec la réalité sociale et économique de la Grande Île où les habitants s'enfoncent de plus en plus dans une extrême pauvreté.
- la création de lignes de téléphérique ne résout en rien le problème de circulation dans la capitale.
- De nombreuses voix, notamment de la société civile malgache, se sont déjà élevées contre ce projet.
- « Une vraie sélectivité en matière d'investissements publics s'impose à Madagascar » comme l'a soutenu votre collègue du Sénat, Monsieur Pierre Laurent dans une question écrite n° 25885 datant du 14 décembre 2021 adressée au Ministre de l'Économie, Monsieur Bruno Lemaire.

Comptant sur votre appui actif à notre combat contre le gaspillage de l'argent public et à notre engagement en faveur des véritables priorités pour nos compatriotes à Madagascar, nous vous adressons, Mesdames, Messieurs les sénateurs et députés, l'expression de nos considérations respectueuses.

*Mouvement des citoyens français d'origine Malagasy La Réunion*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Mpitondra sarotra'CAN

# Tsy misy CAN, tsy misy jiro, tsy misy rano, tsy misy...

Hay tokoa moa rehefa mandeha ny andro , volana, taona dia heverina toy ny tsy nisy ireny rehetra ireny. Mba naka mora fotsiny ahy teo ambony fandriana hoe hijery CAN amin'ny TVM, fa hoe handeha mivantana ao; gaga aho: manonofy ve aho sa tsy TVM no nalefako fa toa tsy nandeha leaza hoy ny fiteninjatovo izay. Nitodika tampoka tany amin'ny taona 2018 ny saiko . Hoy ny mpanao gazety nametraka fanontaniana tamin'izay: raha tonga eo amin'ny fitondrana ve ianao andriamatoa filoha , manome toky fa halefa mivantana ao amin'ny TVM daholo ny CAN , MONDIAL? ENY avy hatrany no valin-teniny, nihoraka ary tehaka tsy nisy ohatr'izany tao antrano, eny fa na ny moana sy ny marenina aza dia mba faly ery tany ho any. Ankehitriny tonga ity ny CAN, hay tendan-CAN sy sarotra'CAN koa ny televiziona-nay. Dia mbola nipetraka ho nofinofinofy ary nampanofisin'ny taon-dasa sy ny alina mangina moa zany ny tenanay sy ny maro. Raha mba nitovy daholo matsy ny fahefa-mividin'ny malagasy rehetra dia nandeha be ny televiziona satelita: Canal+ sy ny Startimes. Nefa moa raha samy hiala vola tsy aleo ve izay hahavoky ny kibo sy ny hahasalama no atao, aleo lazaina tsy maharaka any anaty haino amanjerim-panjakana, toy izay mivezivevy ny fanahy. Tsy aleo ve miasa mangina mahavita zavatra toy ireo mpitondra mahavita mampandroso ny fireneny, toy izay hilaza hatsanga tsy aman'orana foana. Ny fahanginana anie midika fandeferana fahendrena e, dia mbola tsy leo MORA lava izao moa isika fa vao maheno io dia tehaka re zao. Tena tanteraka moa izany ilay hoe tsy mbola nisy nahavita ny toy ny vitan'ity fitondrana ity tao anatin'ny 60 taona. Mandroso ve izany isika amin'izao sa mihemotra mankany amin'ny voalohany avy any aoriana! Dia mbola ho hanonofy foana aloha isika Malagasy. Dia hoy ilay ray aman-dreny efa lasan-ko razana hoe; " fohazy aho rehefa mandroso i Madagasikara". Ny sasany manao io teny io ho tsy misy dikany , ao ireo manao io ho adaladala, Fa izaho kosa miteny hoe ; teny fampisainana an'ireo mpitondra tsy mahavita azy amin'izao fotoana izao io, ny miala no mety aminy fa mampijaly vahoaka fotsiny: izao tsy misy CAN, tsy misy jiro, tsy misy rano, tsy misy lalana tsara, tsy misy…

***Ny Valosoa***

Fitantanana tanàna

# Maloto sy potika Antananarivo Renivohitra



Maloto sy potika Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana, izay no azo amehezana ny zava-misy eto amin'ny renivohitr'i Madagasikara ankehitriny, tsy voafehin'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina sy ny ekipany mihitsy izany atao hoe fitantanana tanàna. Tsy afaka ny fako amin'izao fotoana na dia efa ny kaominina ihany koa aza no mitantana ny sampan-draharaha mpanala fako, fa tsy toy ny teo aloha intsony. Ny lalana dia mampiteny ny moana, saika potika avokoa efa volana vitsivitsy izao ny ankamaroany, izany dia miteraka fitohanan'ny fifamoivoizana, sy fahapotehan'ny fiaran'ny mpampiasa lalana indrindra indrindra ihany koa. Nodradradradraina ny hoe "rehefa prezidà MAPAR/IRK miaraka amin'ny Ben'ny Tanàna MAPAR/IRK no hitondra an'Antananarivo dia handroso haingana. Fihemorana aza no hita ankehitriny noho ireo loto mivangongo sy lalana potika ireo. Ny mpivarotra amoron-dalana manginy fotsiny tsy voafehy, satria dia miverina eny amoron-dalana indray izy ireo, tsy mamaly ny filan'ireo mpivarotra ny trano lehibe fivarotana nataon'ny kaominina raha tsy hiteny afa-tsy ny etsy Behoririka. Mandat na fotoam-piasana iray aza tsy vitan'i Vazahabe koa fotoam-piasana inona koa no mbola hantenainy eo amin'ny taona 2023? Tsy adala ny vahoakan'Antananarivo ary efa mailo amin'ny mety hisian'ny doublons indray amin'ny fifidianana.

***Stefa***

RAHARAHAM-PIRENENA

# Toa niaiky ny hadisoany tamin'ny taona 2009 Rajoelina

Misarika ny saina ny fanehoan-kevitr' ireo mpamakafaka ny raharaham-pirenena momba ny zava-nitranga tany Andekaleka, sy ny fihetsiky ny fitondrana tao anatin'izany, na ny momba ny tsoa-keviny nahatonga ny fahamaizan'ny fitaovana, na ny volabe nanambazana izay manome vaovao amin'izany. Fijery iray ihany koa manampy ireny, ny amin'ny fiheverana fa misy indray ny politika fanodinana ny saim-bahoaka tsy hibanjina hifantoka amin'ny fahasahiranany sy ny fihanaky ny valanaretina. Efa fanaon'ny fitondrana ihany mantsy izany, izay tsikaritra rehefa misy toedraharaha mafampana eto amin'ny firenena. Anisan'ny maresaka ao anatin'izany ny fitaterana an-tariby « teleferika » ity, ny fidangan'ny vidim-piainana, ny raharaha volamena mibananàka mivoaka eto Madagasikara ary any amin'ny firenen-kafa vao tratra, sns...

Izay eo ihany, fa ny tiana horesahana, dia ny filazan'i Andry Rajoelina, fa mila in'efatra mifanesy amin'ny fe-potoana iasàna, na ny « mandat » vao tontosa na tratra ny tanjona amin'ny fampandrosoana ny firenena. Efa nisy ny fanehoan-kevitra nataon'ny olom-pirenena na mpanao politika momba izany, fa izao no tsy voalaza. Midika izany, fa miaiky izy ary tonga saina, fa nanao hadisoana tamin'ny firenena, sy indrindra tamin'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny fotoana nitondràn'i Dada. Iaraha-mahalala fa fe-potoana niasana iray mahery no vitany, 2001 – 2009, dia ireny niarahanahita ny hasomparana nataony tamin'ny alalan' ny fanonganam-panjakana ny taona 2008-2009 ireny. Niaraha-nahalala tsara anefa, ho an'ireo mahitsy fijery sy madio fo, fa efa antomotra mihitsy ny hahatafavoaka an'i Madagasikara, sy hisandratra tamin'iny taona 2009 iny. Efa tafakatra ho 7% ny taha-pitomboana ara-toekarena tamin'izany. Noho ny fankahalàna fotsiny izao, sy ny fananana toe-tsaina ory havanana, sy ny fahaverezana tombontsoa no antony naminganana azy. Ho an'ny filoha Ravalomanana, tsy mila in'efatra ny "mandat" iasàna vao maha tafavoaka ny firenena, fa latsak'izany. Miharihary araka izany ny tsy fitoviana eo amin'ireto olona roa ireto eo amin'ny fahaizana mitondra firenena na ny haitarika. Raha tsy hilaza afa-tsy ny fahaizan'ny filoha Ravalomana mifehy ny mpamatsy vola sy ny sehatra iraisam-pirenena tamin'ny fotoana nitondràny, fa tsy toy ny ataon'ny fitondrana Rajoelina, izay asain'ny olona mamerina ny volany.



*Ny RNM, nodoran'ireo mpanongam-panjakana ny taona 2009.*

Ankoatra izay, dia mahavariana ihany, fa raha tsy efa mitondra firenena telo taona ve i Andry Rajoelina vao mahatsapa izany, kanefa milaza ho mahay sy babany noho ireo mpitondra teo alohany? Inona fotsiny izany no nataony nandritra ny tetezamiitatra dimy taona, izay efa "mandat" iray be izao? Nitondra tsy am-pisainana lalina ny firenena, fa nandeha amin'izay hitsiny fotsiny ve tamin'ireny fotoana ireny? Ary raha nandinika ny fitondrana talohan'izao izy, nialoha ny niakarany teo amin'ny fitondrana, dia efa afaka nisinton-kevitra ihany koa. Tsy atao kitsapatsapa sy andrankandrana ny fitondrana ny firenena ary rariny ireo mpanohitra raha sarotiny mafy, sy mitsikera fatratra ihany koa izao fitondràny izao, fototry ny demokrasia izany, nefa odian-dRajoelina sy ny forongony fanina koa hatramin'izao, izay satan' ny fanoherana izay.

**Sôh'son**

Antoko TIM Toamasina

## Vonona hatrany handray andraikitra amin'ny firenena

Nifampiarahaba tratry ny taona vaovao, ireo mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any amin'ny distrikan'i Toamasina I ny herinandro teo.

Tonga nanatrika ny fifampiarahabana noho ny fahatratrarana ny Asaramanitra 2022 izay nokarakarain' ny tompon'andraikitra TIM rehetra tao amin'ny zone N°12 : Mangarano 1 sy Mangarano 2, Ankirihiry ny Comité ad'hoc distrikan'i Toamasina. Nisongadina tamin'izany, fa vonona ny rehetra handray andraikitra sy hifanome tanana hatrany, ho fanohizana ny asa efa natomboka, sy hanatratra ny tanjona efa napetraka ao anatin'ny fanarahana « discipline » na fitsipika. Mbola hitohy any amin'ny « arrondissement" na boriboritany sy « zone » na faritra hafa, amin'ny fotoana mampety azy, izao hetsika izao. Hijoro hatrany isika, hoy ny TIM any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana.

**Isambilo**



*Ireo lohandohan'ny mpisorona amin'ny antoko TIM any Toamasina.*

Ny Valosoa sy hadihady

Filoha Rajoelina

# Toa hita amin'ny sehatra rehetra nefa toa aloka miserana ihany

Sarotra ho an'ny ankamaroan'ny mpamaky maro no manontany ny tena tiana ho lazaina amin'io lohatenin'ny lahatsoratra io. Raha manao jery todika ny hetsika eo amin'ny rehetra natrehin'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina anefa dia mazava ny tiankambara. Eo amin'ny sehatra politika dia nisongadina ny fifanatrehan'ny filoha Ravalomanana Marc sy Rajoelina Andry tamin'ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa dia samy nanambara ho ren-tany ren-danitra, fa raha lany ho Filoham-pirenena ny iray dia hanaiky ho filohan'ny mpanohitra ny kandidà tsy lany. Voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana rahateo izany, kanefa miditra amin'ny taona fahaefatra amin'ny maha filohan'ny Repoblika azy Rajoelina Andry, nefa tsy mbola hita maso sy henon'ny sofina, fa namoaka didim-panjakana (ordonnance) manendry ny filoha Ravalomanana Marc ho eo amin'izany toerana izany. Nasaina namorona lalàna ny depiote iray nentina nanodinkodina ny fotokevi-dehibe voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana momba ity fanoherana ity. Nandalo toy ny aloka ihany izany Rajoelina Andry tamin'iny adihevitra farany iny, na dia hita vatana sy re-feo aza. Nanakiana mafy ny federasiona Malagasin'ny Baolina Kitra (FMF) Rajoelina Andry, momba ny taratasy nalefa tany amin'ny CAF nametra ny isan'ny mpijery sy nampandehanana ireo mpilalao gasy avy any ivelany tamin'ny "classe économique". Nanofany fiaramanidina manokana ilay mpilalao baolina kitra malaza eran-tany Samuël E'too, noho ny fitokanana ny Kianjan'i Mahamasina sy hanatrika ny baolina nifandonan'ny Barea sy ny ekipam-pirenen'ny RDC. Hita maso tamin'ny fitokanana ny kianjan'i Mahamasina tokoa ny filoha Rajoelina Andry, sy ilay mpilalao baolina kitra malaza kanefa nandalo ihany izany, satria resy teo ny ekipam-pirenena Malagasy, Barea, andro vitsy taoriana izany. Aloka niserana ihany ilay mpilalao malaza satria tsy hita nanatrika ny fety be. Vita ny fanavaozana ny Rovan'i Manjakamiadana ary hita sy niseho vahoaka Rajoelina Andry, sady nanambara fa ho "Rovan'i Madagasikara" no hiantsoana azy nanomboka tamin'izay. Tafatsangana ny "Colisée" ary na dia efa ren'ny sofina aza fa notokanana dia nandalo ihany izany, fa tsy nisy fanamarihana. Nirehareha sy nalaza maneran-tany fa hanangana ozinina fanamboarana ilay fiara "Gasy Car" ny fitondrana malagasy. Tafiditra tao amin'ny sehatry ny famokarana ihany koa Rajoelina Andry kanefa nofy toy ny nofy rehetra ihany, satria tsy tafatsangana na aiza na aiza ny orinasa ary tsy mbola nisy fiara nivoaka hatramin'izao. Tonga teto amin'ny Nosy ny valanaretina covid-19, nipoitra teo amin'ny sehatry ny fitsaboana na fahasalamana ihany koa ny filohan'ny Repoblika ary nanambara fa efa nanana fanafody nentina nitsabo izany ny eto Madagasikara, ka tonga teto ny solontenan'ny firenena aty amin'ny Kaontinanta afrikana naka ny fanafody. Nandalo fotsiny ihany ireny fa tsy hita na re na taiza na taiza ny fahombiazany. Nirotsaka teny amin'ny fokontany ny filoha faratampon'ny mpanatanteraka, ka nampahafantatra fa soloina "karne biômetrika" ny karnem-pokontany ary naseho tamin'izany ho hitan"ny mpiray tanindrazana ny santionany. Toy ny zavatra tsy nisy iny hetsika iny, ka lasa lokom-boasary ny fonon'ny karnem-pokontany nasolo ny teo aloha. Taonan'ny asa eo amin'ny sehatra rehetra, hono, ity taona 2022 ity ka raha ny hita amin'izao fotoana izao dia ny sehatry ny famokarana rianaratra no hanombohana izany, kanefa dia mbola afaka dimy taona vao hisy vahaolana azo antoka momba ny delestazy. Na iza na iza miseho ho mpitarika eo amin'ny sehatra rehetra, kanefa tsy hahitàna vokatra azo tsapain-tànana ny ataony dia toy ny tsy taiza na taiza izy. Aloka miserana ihany!

**Andry Tsiavalona**

TONONKALO

## Hiova ho paty ?

Angamba dia hiova ny foto-tsakafo,
Ka tsy ho vary intsony fa asa atsy ho atsy.
Ny vidiny mantsy efa lafo dia lafo.
(Tsy takatra intsony raha atao vatsy !)

Kapoaka, mananika ny valonjato.
(Efa efatra arivo raha dimy kapoaka!)
Ny vidiny anefa misonga tsy miato,
Ka saino izay mbola hanjo ny vahoaka !

Nandrasana ihany ilay kapoakam-bary
Mba "manara-penitra" nohindrahindraina,
Kinanjo nijanona foana ho kabary
Sy teny natao hanodinana saina !

Ny sambo mpitatitra koa toa tsy tonga,
(Fa ny ambotaiazy ve no anton`izany ?)
Ary vary mampangidihidy kilonga
No indreo fa mitobaka tsy mety lany !

…Ka angamba dia hiova ny foto-tsakafon
Ny gasy efa reraka sady mahia,
Ary "paty" no tsy ela , tsy mandany afo
Sy mba mampatavy raha "be am-bilia"!

**IRINA HO TAFITA (15-01-22)**

# 2022

## NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

| Janoary | Febroary | Marsa | Avrily | Mey | Jona |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 Asb Taombaovao | 1 Tal | 1 Tal | 1 Zom | 1 Alh Fetin'ny asa | 1 Alr |
| 2 Alh | 2 Alr | 2 Alr | 2 Asb | 2 Alt Id al Fitr | 2 Alk |
| 3 Alt | 3 Alk | 3 Alk | 3 Alh | 3 Tal | 3 Zom |
| 4 Tal | 4 Zom | 4 Zom | 4 Alt | 4 Alr | 4 Asb |
| 5 Alr | 5 Asb | 5 Asb | 5 Tal | 5 Alk | 5 Alh Pentekôsta |
| 6 Alk | 6 Alh | 6 Alh | 6 Alr | 6 Zom | 6 Alt Alt. Pentekôsta |
| 7 Zom | 7 Alt | 7 Alt | 7 Alk | 7 Asb | 7 Tal |
| 8 Asb | 8 Tal | 8 Tal Andron'ny vehivavy | 8 Zom | 8 Alh | 8 Alr |
| 9 Alh | 9 Alr | 9 Alr | 9 Asb | 9 Alt | 9 Alk |
| 10 Alt | 10 Alk | 10 Alk | 10 Alh | 10 Tal | 10 Zom |
| 11 Tal | 11 Zom | 11 Zom | 11 Alt | 11 Alr | 11 Asb |
| 12 Alr | 12 Asb | 12 Asb | 12 Tal | 12 Alk | 12 Alh |
| 13 Alk | 13 Alh | 13 Alh | 13 Alr | 13 Zom | 13 Alt |
| 14 Zom | 14 Alt | 14 Alt | 14 Alk | 14 Asb | 14 Tal |
| 15 Asb | 15 Tal | 15 Tal | 15 Zom | 15 Alh | 15 Alr |
| 16 Alh | 16 Alr | 16 Alr | 16 Asb | 16 Alt | 16 Alk |
| 17 Alt | 17 Alk | 17 Alk | 17 Alh Paska | 17 Tal | 17 Zom |
| 18 Tal | 18 Zom | 18 Zom | 18 Alt Alt. Paska | 18 Alr | 18 Asb |
| 19 Alr | 19 Asb | 19 Asb | 19 Tal | 19 Alk | 19 Alh |
| 20 Alk | 20 Alh | 20 Alh | 20 Alr | 20 Zom | 20 Alt |
| 21 Zom | 21 Alt | 21 Alt | 21 Alk | 21 Asb | 21 Tal |
| 22 Asb | 22 Tal | 22 Tal | 22 Zom | 22 Alh | 22 Alr |
| 23 Alh | 23 Alr | 23 Alr | 23 Asb | 23 Alt | 23 Alk |
| 24 Alt | 24 Alk | 24 Alk | 24 Alh | 24 Tal | 24 Zom |
| 25 Tal | 25 Zom | 25 Zom | 25 Alt | 25 Alr | 25 Asb Fetim-pirenena |
| 26 Alr | 26 Asb | 26 Asb | 26 Tal | 26 Alk Ascension | 26 Alh |
| 27 Alk | 27 Alh | 27 Alh | 27 Alr | 27 Zom | 27 Alt |
| 28 Zom | 28 Alt | 28 Alt | 28 Alk | 28 Asb | 28 Tal |
| 29 Asb | | 29 Tal Fahatsiarovana 1947 | 29 Zom | 29 Alh | 29 Alr |
| 30 Alh | | 30 Alr | 30 Asb | 30 Alt | 30 Alk |
| 31 Alt | | 31 Alk | | 31 Tal | |





NY VALOSOA VAOVAO
Adiresy : lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao

# 2022

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

| Jolay | Aogositra | Septambra | Oktobra | Novambra | Desambra |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 Zom | 1 Alt | 1 Alk | 1 Asb | 1 Tal Fah. Olo-masina | 1 Alk |
| 2 Asb | 2 Tal | 2 Zom | 2 Alh | 2 Alr | 2 Zom |
| 3 Alh | 3 Alr | 3 Asb | 3 Alt | 3 Alk | 3 Asb |
| 4 Alt | 4 Alk | 4 Alh | 4 Tal | 4 Zom | 4 Alh |
| 5 Tal | 5 Zom | 5 Alt | 5 Alr | 5 Asb | 5 Alt |
| 6 Alr | 6 Asb | 6 Tal | 6 Alk | 6 Alh | 6 Tal |
| 7 Alk | 7 Alh | 7 Alr | 7 Zom | 7 Alt | 7 Alr |
| 8 Zom | 8 Alt | 8 Alk | 8 Asb | 8 Tal | 8 Alk |
| 9 Asb Aïd- al-Adha | 9 Tal | 9 Zom | 9 Alh | 9 Alr | 9 Zom |
| 10 Alh | 10 Alr | 10 Asb | 10 Alt | 10 Alk | 10 Asb |
| 11 Alt | 11 Alk | 11 Alh | 11 Tal | 11 Zom | 11 Alh |
| 12 Tal | 12 Zom | 12 Alt | 12 Alr | 12 Asb | 12 Alt |
| 13 Alr | 13 Asb | 13 Tal | 13 Alk | 13 Alh | 13 Tal |
| 14 Alk | 14 Alh | 14 Alr | 14 Zom | 14 Alt | 14 Alr |
| 15 Zom | 15 Alt Assomption | 15 Alk | 15 Asb | 15 Tal | 15 Alk |
| 16 Asb | 16 Tal | 16 Zom | 16 Alh | 16 Alr | 16 Zom |
| 17 Alh | 17 Alr | 17 Asb | 17 Alt | 17 Alk | 17 Asb |
| 18 Alt | 18 Alk | 18 Alh | 18 Tal | 18 Zom | 18 Alh |
| 19 Tal | 19 Zom | 19 Alt | 19 Alr | 19 Asb | 19 Alt |
| 20 Alr | 20 Asb | 20 Tal | 20 Alk | 20 Alh | 20 Tal |
| 21 Alk | 21 Alh | 21 Alr | 21 Zom | 21 Alt | 21 Alr |
| 22 Zom | 22 Alt | 22 Alk | 22 Asb | 22 Tal | 22 Alk |
| 23 Asb | 23 Tal | 23 Zom | 23 Alh | 23 Alr | 23 Zom |
| 24 Alh | 24 Alr | 24 Asb | 24 Alt | 24 Alk | 24 Asb |
| 25 Alt | 25 Alk | 25 Alh | 25 Tal | 25 Zom | 25 Alh Krismasy |
| 26 Tal | 26 Zom | 26 Alt | 26 Alr | 26 Asb | 26 Alt |
| 27 Alr | 27 Asb | 27 Tal | 27 Alk | 27 Alh | 27 Tal |
| 28 Alk | 28 Alh | 28 Alr | 28 Zom | 28 Alt | 28 Alr |
| 29 Zom | 29 Alt | 29 Alk | 29 Asb | 29 Tal | 29 Alk |
| 30 Asb | 30 Tal | 30 Zom | 30 Alh | 30 Alr | 30 Zom |
| 31 Alh | 31 Alr | | 31 Alt | | 31 Asb |

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Adiresy : lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao





FOTOAN-DEHIBEN'NY FJKM TENY ANTSONJOMBE

# Fiaraha-miombom-bavaky ny rehetra isan'andro amin'ny 8 ora alina

Toy ny fanaony isantaona, ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara na FJKM, dia manatanteraka fotoam-pivavahana lehibe hatrany amin'ny fiandohan'ny taona toy izao nitondrana am-bavaka ny taom-piasana 2022 sy ny filohan'ny FJKM mianakavy. Ka tamin'ity taona ity dia ny alahady 16 Janoary, no nanatanterahana izany teny amin'ny Coliseum Antsonjombe. Indroa niditra ny fotoana noho ny fitandroana ny fahamailoana ara-pahasalamana, dia ny tamin' ny 7 ora sy sasany maraina sy tamin'ny 10 ora sy sasany. Efa voatsinjara ihany koa ny mpino FJKM niditra tamin'ny fotoana voalohany na ny tamin'ny faharoa. Nipetrapetraka avokoa ny lamina rehetra tamin'ny nahatombana ny fotoana, ary efa zatra ny amin'ny fandaminana izany ny tomponandraikitra. Efa taona maromaro mantsy izay no nanatanterahan'ny FJKM fanompoam-pivavahana lehibe toy izao teny Antsonjombe. Eo rahateo ny maha fiangonan-dehibe azy. Nikatona avokoa



*Ny fanompoam-pivavahan'ny FJKM ny alahady teo teny Antsonjombe.*

araka izany ireo trano fiangonana teto an-drenivohitra sy ny manodidina fa namonjy teny ireo kristiana ao aminy. Fotoan-dehibeny araka izany ny alahady teo io mialoha ny hiatrehan'ny fiangonana ny asa hatrehiny amin'ity taona ity sy ny ampanirahan'i Jesoa azy.

Hafatra nentin'ny Filohan'ny FJKM, ny Mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, nandritra izany fanompoam-pivavahana izany ny hoe mitrakà, miovà, mivavaha, ary miasà.

### Mitrakà

Tsy misy nateraka ho resy hiondrika foana hijery ny tany. Mahereza, aza kivy manoloana ny olona. Miaraha mandrakariva amin'i Jesoa. "Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; izaho efa naharesy izao tontolo izao" (Jaona 16,33). "Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo. " (Romana 8, 28).

### Miovà

Vontosy Filazantsara ny nosy Madagasikara, filazantsara manova ny tantara. Atomboy eo amin'ny fiainanao aloha izany. "Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina." (Romana 12, 2). Te handova ny lanitra ve ianao, miovà.

### Mivavaha

Manomboka izao isaky ny amin'ny 8 ora alina, miaraha-miombona vavaka. Mifamotoana ny mpianakavy. Efa misy ny trakta ho fitarihana ny amin' izany, azo jifaina 100 Ar.

### Miasà

Ny vavaka dia mety ho mpisolo toerana mampididoza fa mila miasa:

-Manajary/mamerina ny tontolo iainana, mamboly hazo

-Vaomieran'ny hazakazaka Masina.

-Vaomieran'ny fitaovana.

-Manomboka ny 14 hatramin'ny 20 febroary : herinandron'ny fianakaviana isaky ny fitandremana FJKM rehetra.

-Zava-dehibe ny asan'ny sekoly sy ny fanohanana ireo Sekoly FJKM (Sekoly madio, Sekoly marina).

***Radafy***

Taona 2022 sy ny « Sorabe »

# 100% ny fanamby hoy Mr Aina

Vao niandoha ny taona 2022 dia efa nilaharana sahady tao amin'i Mr Aina mpitsabo eny Itaosy. Fanontanian'izy ireo ny hoe mbola hitohy ve ny fanasoavana sy ny fanasitranana amin'ity taona vaovao ity ? Valiny, vao mainka aza mihoatra ny 100% ny fanamby hoy ity mpitsabo ity. Ny farampara n'ny taona 2021 fotsiny mantsy dia ramatoa 30 taona voan'ny jihny ratsy tsy nahazo taranaka sy rava fananana foana no tafita ankehitriny.

Manam-bady ity ramatoa vao 30 taona monja ity. Monina any Antsirabe izy io, fa ny fiaviany kosa dia avy any Ambatondrazaka. Tao anatin'ny folo taona nivadiany dia tsy nahazo zaza mihitsy ramatoa, satria indraindray mba mipetraka ihany fa votsotra ho azy amin'izao, indraindray efa bevohoka izao fa toa tsy hita tampoka teo, indraindray aza dia efa hoe bevohoka manaraka fisafoana, fa mbola tsy zaza ihany io fa zavatra hafa. Tsy vitan'ny hoe tsy nety nahazo zaza ramatoa, fa tsy salama ihany koa ary tao anatin'ny taona maro dia niharitra fangirifiriana izy mivady. Mba miasa ihany ilay rangahy fa izay tonga lany, voatery misambotra aman'olona ary voatery nivarotra fanana mihitsy aza, satria tsy maharaka intsony ny eo am-pelatànana. Leo mihitsy rangahy vadiny ary nilaza fa aleo misaraka mihitsy, satria tsy mifanambina isika ary efa tsy anjarantsika ny hanana taranaka, ka aleo samy miverina amin'ny fianakaviany aloha. Teo vao tapa-kevitra ilay ramatoa, ka nanatona teny amin'i Mr Aina mpitsabo eny Itaosy, satria hitany tamin'ny fandaharana tamin'ny televiziona sy gazety an-tsoratra ny nomeraony 0338348163 sy ny 0342902668, ka nataony izay hihaonana taminy haingana, satria malaza manana « pouvoir » manokana ity mpitsabo ity.

### Jihny ratsy

Vao nihaona taminy ilay ramatoa dia izao no nambaran'ity mpitsabo ity taminy : tratry ny jihny ratsy ianao hoy izy, ka tsy hahazo taranaka mihitsy raha tsy karakaraina haingana. Ny hamotika anareo no tanjon'ilay olona tsy lavitra anao akory hoy izy, satria tovolahy zanaka mpanao fanafody ratsy no niarahanao taloha ary tsy nekenao ho vady izy, ka io no namosaviany anao. Sady tsy ho azy, no tsy ho an'olona ianao hoy izy ary tsy vitan'izany, fa ho rava fananana foana ianareo satria nalahelo izy tsy nahazo anao ho vady, na dia efa mba nekeny daholo aza ny fangatahanao rehetra. Ny hamotika ny fiainanareo no tanjony hoy ity mpitsabo ity ary tsy hanan-taranaka mihitsy. « Sorabe » miampy fanefitra manokana, no nampiasain'ity mpitsabo ity nikarakarana azy roa ary nalefa nody avy eo.

### Iray volana dia tafita ihany izy mivady

Fotoana fohy taorian'ny nandehanany teny amin' ity mpitsabo ity monja dia niova ny rasa, satria nanjary hafahafa izany ramatoa. Toa mahatsiaro ho maivamaivana izany ary toa falifaly koa. Tsy vitan'izany fa ilay raim-pianakaviana nikasa ny hisaraka taminy dia nifona teo aminy indray ary nilaza fa tsy mbola tian' Andriamanitra ny fisarahantsika, ka aleo mifamerina ihany aloha. Nanomboka teo dia salama tsara ramatoa, nanjary nitoe-jaza ary nohamarinina teny amin'ny mpampivelona ka tena zaza tokoa. Tsy mbola vitan'izany aza, fa nilaza mihitsy ity mpampivelona ity, fa mety ho kambana mihitsy aza. Ankoatr'izay dia nanomboka niverina ny haren'izy roa, tonga ho azy ny fianakaviana nanampy sy nampindram-bola tsy averina indray ary ireo saika hankahala azy roa aza dia tonga nifona sy nilaza fa hiverina hihavana indray, satria tsy misy tombony ny ady. Lay tovolahy volaza fa namosavy azy moa dia lasa nitsoaka satria leo monina. Tafita ihany izy roa satria sady nahazo zaza, no niverina ihany ny fananana efa saika rava sy potika tanteraka. Nijoro vavolombelona teny Itaosy izy mivady ary mbola nanamafy, fa raha tao anatin'ny taona maro nifanesy aza no nahazo fahasoavana sy tafita ireo tonga mila vonjy sy manana olana ara-pahasalamana, mainka va fa amin'izao taona vaovao tsara fanombohana izao. Nanamafy ity mpitsabo ity, fa taonan'ny soa sy ny tsara izy ity , ka asakasak'izay tsy ho tonga raha manana olana.

***Namana***

Fiangonana Loterana Malagasy

# Very ray aman-dreny ara-panahy ny fiangonana FLM Menabe



*Ny filoha lefitry ny fiangonana FLM fahavelony.*

Nodimandry ny faha-13 Janoary teo ny Pasitora Velomahatombo, izay filoha lefitry ny FLM: Fiangonana Loterana Malagasy, no sady filohan'ny synodam-paritany Menabe ihany koa. Ny alahady teo no nanatanterahana ny fandevenana azy, nialohavan'ny fotoam-pivavahana fanaovam-beloma farany azy, tao amin'ny fiangonana loterana Malagasy Betela Morondava, notarihin'ny Pasitora filoha nasionalin'ny fiangonana loterana Malagasy, Pasitora Rakotozafy Denis, notronin'ireo filohan'ny synodam-paritany maro, sy ireo ray amandreny am-panahy mpitarika ny FFKM ato Menabe. Nivoitra nandritra ny lahateny filazalazana ny momba azy, fa olon'ny fandeferana i Pasitora Velomahatombo , very ray aman-dreny ara-panahy ny fiangonana FLM. Ao Betela no toerana nametrahana azy ho any amin'ny fiainana mandrakizay.

***Rajepa***

FJKM Ambohidratrimo Marovatana Fanavaozana

# Ho vitaina amin'ity taona ity ny fanitarana ny rindrina

Nisongadina nandritra ny fetin'ny taranaka ny alahady lasa teo, tao amin'ny FJKM Fitandremana Ambohidratrimo Marovatana Fanavaozana, Synodamparitany Antananarivo Andrefana, ny famitana ny rindrin'ny trano fiangonana nohavaozina. Efa ao anatin'ny famitana ny « dalle » izy ireo, ka hiroso amin'ny fananganana rindrina ny mpino kristiana ankehitriny. Nifanome tanana tamin'ny valopy « Santatra » ireo taranaky ny fiangonana, mba hamitana ity fanitarana ny fiangonana ity. Amin'ny maha- alahadin'ny taranaka sy ny fianakaviana teny an-toerana, dia nisy ny fiarahabana ireo taranaka rehetra tonga niombom-bavaka, narahina mari-pankasitrahana ho azy ireo. Toy izany koa ny fiarahabana ireo taranaky ny fiangonana afaka fanadianana ara-panjakana, ireo nivoaka tamin'ny toerampanomanana sy ny avy amin'ny Setela. Nisy ihany koa ny fanoloran-jaza sy ny sakramentan'ny batisa, ka ny mpitandrina teo an-toerana, Rakototiana Delia Baltazar, mpitandrina, no nitarika ny fotoana sy nitondra ny hafatr' Andriamanitra. Niditra in-telo ny fiangonana, dia tamin'ny 5 ora sy sasany maraina, tamin'ny 8 ora sy sasany ary tamin'ny 10 ora sy sasany. Voahaja ny fepetran'ny hamehana ara-pahasalamana. Efa nitombo iray ihany koa ny zanaky ny fiangonana Ambohidratrimo Marovatana Fanavaozana, dia ny vondron'olona mpiara-mivavaka eny Ambovo, ary efa notanterahina teny an-toerana ny fanompoam-pivavahana ny krismasy 2021 lasa teo.

***Rajo***

Kolontsaina sy coronavirus

# Mijaly tsy afaka miasa ireo mpanakanto

Vory lanona tao amin'ny Hotel Cobra ireo mpanakanto ato Menabe ny sabotsy faha-16 Janoary teo, izay nanao ny fiarahabana tratran'ny taona vaovao, sy nampiseho ny firaisankinan'izy ireo. Nandritra izany no nisy ny tafa fohy nataon'ny filohan'ny mpanakanto ato Menabe, izay mivondrona ao amin'ny Andrahangy, izay nilaza fa manoloana izao valanaretina izao dia mizaka ny mangidy tanteraka ireo mpanakanto, satria tsy afaka miasa hatreto, noho ny fepetra mikasika ny Covid, koa manao antso avo izy ireo ny mba hijerena akaiky azy ireo, satria dia misy amin'ny mpanakanto no tsy manana fivelomana hafa, ankoatran'ny zavakanto. Anisan'ny nanampy sy tonga nanotrona ity fiharabana tratran'ny taona ity ny mpanjakan'ny kilalaky Tsiliva.

***Rajepa***



*Rija de Morondava filohan'ny Andrahangy Menabe.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**15/01/2022 hatramin'ny 22/01/2022**

**- IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**- AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50

**- MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

**- 67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

**- VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1253-01-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIKAMBANANA FANAMPY**

## Robain'ny mpanambola ny tanin'ny mponina 140ha any Toamasina

Miantso vonjy amin'ny fitondram-panjakana ny solontenan'ny fikambanana Fanampy avy any Toamasina, mba handray andraikitra manoloana ny fitsarana an-dRamatoa Ranoromalala dit Madame Lala, mpanefoefo izay mibodo ny tany mirefy 140 ha any Toamasina. Nilaza Andriamatoa Robe Alphonse mpitarika ny fikambanana Fanampy, fa ampiasain'ity Ramatoa mpanambola ity avokoa ny fahefany rehetra, mba hahazoana an'ity tany izay efa manan-tompo ara-dalàna (Titré et borné) ity, nanomboka ny taona 2017, ka hatramin'izao. Nanohy fanazavana ity mpitarika ny fikambanana Fanampy ity, fa efa betsaka ny olona izay nanohitra an'ity mpanam-bola ity, no nogadraina tao amin'ny fonjaben'i Toamasina ary efa miafara amin'ny herisetra amin' ireo olona tompon'ny tany ny fifanolanana amin'izao fotoana izao. Nanamafy Andriamatoa Robe Alphonse, fa efa in'efatra nampidirin'i Madame Lala am-ponja, noho ny fiarovan'ity farany ny tany, mba tsy ho lasan'ity mpanam-bola ity ary mbola mijoro hiaro ny taniny ny mponina hatramin'izao. Nanambara ny mpitarika ny fikambanana Fanamby, fa niova anefa ny toedaharaha mikasika ny adi-tany, rehefa nisolo vaovao ny fampanoavana ao amin'ny fitsarana ao Toamasina ary noraisin'ireto farany ny fitoriana nataon'ny tompon' ny tany. Nilaza Andriamatoa Robe Alphonse, fa voasambotra tao Antananarivo ny herinandro teo ity Ramatoa ity ary notanterahina ny zoma teo ny fotoam-pitsarana azy teny amin'ny fitsarana Anosy, ka manao antso avo amin'ny fitondram-panjakana ny tompon'ny tany, mba hijery akaiky an'ity raharaha ity. Marihina fa efa betsaka ny fitoriana nataon'ny tompon'ny tany an'i Madame Lala kanefa dia nandamoaka avokoa izany noho ny herin'ny vola ary niova anefa ny zava-misy nanomboka nipetrahan'ny Minisitry ny Fitsarana vaovao, ka voasambotra ilay Ramatoa ary natolotra ny fitsarana.



*Solontenan'ny fikambanana Fanampy.*

***Franck Razakambelo***

Antananarivo Renivohitra

## Ny lalana no maha maika fa tsy izay teleferika

Hita sy tsapa izao fa ny fitohanana na embouteillage dia tsy avy amin'ny olona mifamezivezy, fa noho ireo fiarakodia sy moto marobe tsy afaka mizotra amin'ny làlana mety sy sahaza azy avy. Ny eto an-drenivohitra dia samy mahita, fa tsy hampihena ny isan'ny fiara mifamezivezy mihitsy izany teleferika izany, fa toa haingo sy fifaninanana eo anatrehan'ny firenena matanjaka amin'izany fotsiny, izay efa manana làlana sy arabe mihaja sy maha-te ho tia tokoa eo amin'ny renvohi-paritaniny. Raha eto Antananarivo anefa, tsorina fa efa tsy fanao ianao intsony ny lalana, toy ny eny Antohomadinika, Isotry, Andavamamba, 67Ha, Ankazomanga, Manjakaray, sns… Ireo lalana eto Antananarivo simba ireo no tena maika, fa tsy izany haitraitra teleferika izany. Ny bus class izay mandeha amin'izao fotoana aza tsy misy mpitaingina, mainka fa izany fitaterana mihantona ho 3000 na 4000 Ar izany ny ho saran-dalana, dia tsy ho an'ny sarambabem-bahoaka mihitsy ny hanaovana azy. Manala baraka tokoa raha ny fijery ireo ankamaroan'ny lalana eto an-drenivohitra, satria vao tamin'ny faran'ny herinandro teo ohatra, nisy olona iray niala fiara fitaterana teny Antohomadinika avy any Ivato, no tonga dia robo-drano tao anaty lavaka feno fotaka, ka dia voatery niverin-dàlana indray hanova kiraro sy pataloha, nefa handeha hamonjy mariazy, ka nahatafavoaka teny mavesatra hoe: ny telepherique ve no mahamaika, sa itony làlana simba efa tsy fampiseho masoandro itony intsony? Satria na ny filoha Rajoelina miseho ho vazaha, na ilay ben'ny tanàna efa vazaha be dia toa minia tsy mahita azy ireny mihitsy, fa heveriny fa tanànan'ny mafy ady angamba ka tsy raharahian'izy ireo!




***Beharo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 382




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0381)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Nilamina<br>- Tanàna (miv)<br>- Mosary<br>- Orana (miv) – | Ha (miv)<br>- Ana – Do (miv)<br>- Soavaly | - Namana<br>- Inona<br>- Lasa – Ao<br>- Anarana | - Maro – (V)av(a)<br>- Ity<br>- Lova<br>- Alahady |

### TENY MIFANARAKA N° 382




**Mitsivalana**

**1.** Voankazo – Fanao amin'ny tongotra folaka **2.** Tsofoka fanitarana – Asa (miv) – Tampisaka (miv) **3.** Foko – Vizana **4.** Tsy milamina (miv) **5.** Fanao amin'ny laoka – Olon-tiana (BL) **6.** Teny fanairana – Tsy eo aloha fa aoriana handatsa **7.** Tohana – Sakoroka **8.** Mpanondro manolotra – Zava-mahadomelina (miv) **9.** Firavaka – Enti-milaza **10.** Vovoka mainty (miv) – Mamba

**Mitsangana**

**A.** Feno midadasika **B.** Saro-bahana (miv) **D.** Ranombava (BR) – Sahiran-tsaina **E.** Vaventy – Anelanelan'ny hira **F.** Zana-tsoratra mitovy – Marika **G.** Zanaka aman-jafy **H.** Namonjy fonenana **I.** Ilainareo **J.** Mikoriana tsy an-kiato – Ao amin'ny Baiboly **K.** Fitaovana maranitra – Ao anelanelan'ny Pipa

### Valiny Teny mifanaraka 0381


**Mitsivalana**

**1.**Sakafo - Lio **2.** Izaho - GR (grama) **3.** Lalany - Ana **4.** Ina - Akofa **5.** Kil(a) - Sisa **6.** Akany - TN **7.** Eo - Nandao **8.** Fo - Marary **9.** Ren(y) - Ovay (miv) **10.** Miandry (miv) - Ma (miv)

**Mitsangana**

**A** Solika - Fay **B.** Anikeo **D.** Kilalao - Dr (miv) **E.** Aza - Men(a) **F.** Fanadinana **G.** Kiho (miv) - AR **H.** Miantso (miv) **I.** Afindra **J.** Sangy (miv) - Avia (miv) **K.** Ora - Avo - OM

## NY TENY FIAINANA




*"Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filàny tamin'ny hazo fijaliana."*

***Galatiana 5:24***

BASKET « TOURNOI DE LA VANILLE »

# Tanteraka tany Sambava ny andiany voalohany

Notontosaina tamin'nyfaran'ny herinandro lasa teo tany Sambava faritra Sava, ireo lalao famaranana tamin'ny fifaninanana basikety «Tournoi de la Vanille première édition», izay nokarakarain' ny Seksiônan'ny basikety any Sambava niaraka tamin'ny « Ligue régionale de Basketball Sava ». Voka-dalao tamin'ireo famaranana ireo : Sokajy U 20 -Équipe championne : Antaimby -Mvp: Nayme (N•23 /Antaimby) -Révélation: Fidio(N•6 /Sambava Centre Franco) -Score final: Sambava Centre Franco (54) # (68) Antaimby. Sokajy Sénior -Équipe championne: Agnalamandrorofo -Mvp: Prisco (N•1/ Agnalamandrorofo) -Meilleur marqueur: Jamard (N•23 Sambava Centre Franco) -Score final: Sambava centre (72) # (76) Agnalamandrorofo. Marihana fa nahatratra ekipa 8 (Antanifotsy, Agnalamandrorofo, Antaimby, Ambalamanasy, Antsirabe, Sambava Centre 1, Sambava Centre Franco, AmbodisaTragna), no nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity teo amin'ny sokajy U20 ary ekipa 8 ihany koa teo amin'ny sokajy « Sénior lehilahy » : (Sovinandriagna, Antanifotsy, Ambalamanasy, Agnalamandrorofo, Sambava Centre1, Sambava Centre Franco, Ambodisatragna, Antsirabe).

***Rainilita***



*Ny ekipa tompondaka tany Sambava.*

"Orange Pro League 2021/2022"

# Lasa ny Cffa no mitarika ao amin'ny Conférence Sud

Taorian'ny andro faha-5 amin'ny fifaninanana "Orange Pro League 2021/2022 ", izay tontosa tamin'ny sabotsy 15 sy alahady 16 janoary 2022 lasa teo dia mbola mitarika an'isa vonjimaika ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc ao amin'ny vondrona "Conférence Nord" manana isa 13 (+7). Ao amin'ny vondrona "Conférence Sud" kosa dia lasa ny Cffa Andoharanofotsy no mitarika an'isa vonjimaika manana isa 9 (+4). Marihana fa ekipa miisa 3 no resy teo an-jaridainany tamin'io andro faha-5 io dia ny ekipan'ny Five FC sy Cosfa ary ny Zanakala Fc. Ireo voka-dalao rehetra tamin'io andro faha-5 io : Five Fc 1-2 Ajesaia, As Fanalamanga 0-0 Tia Kitra Fc, Uscafoot 2-0 Jet Kintana, Cosfa 2-4 Fosa Juniors Fc, A. Dato Fc 0-0 Disciples Fc, Zanakala Fc 0-2 Cffa, Jfc Toliara 0-0 3Fb Toliara, Elgeco Plus 0-0 Mama Fc.



*Ny ekipan'ny Cffa Andoharanofotsy.*

***Rainilita***

Rallye Raid-Dakar 2022

# Nasser Al-Attiyah no nahery

Nifarana tamin'ny zoma 14 janoary 2022 lasa teo tany Jeddah Arabie Saoudite, ny fifaninanana Rallye-Raid Dakar 2022. Mbola voahosotra ho tompondaka faninefany ilay « Qatarien Nasser al-Attiyah (Toyota)», niaraka tamin'ilay « copilote Frantsay », Matthieu Baumel. Filaharana ankapobeny taorianan'ny dingana faha-12 farany : 1° Nasser Al-Attiyah/Matthieu Baumel (QAT/FRA/Toyota) 38 h 33 : 03. (pénalité : 5:00.), 2° Sébastien Loeb/Fabian Lurquin (FRA/BEL/Prodrive) 27:46. (pénalité : 5:00.), 3° Yazeed Al Rajhi/Michael Orr (KSA/GBR/Toyota) 1 h 01 : 13. (pénalité : 35.). Teo amin'ny fanamoriana moto kosa dia ilay « Britannique Sam Sunderland (KTM) », 32 taona no nandrombaka fanindroany ny «rallye-raid Dakar en moto ». Filaharana farany tamin'ny moto taorian'ny dingana faha-12 : 1° Sam Sunderland (GBR/Ktm) 38 h 47 : 30. 2° Pablo Quintanilla (CHI/Honda) 3:27. (pénalité : 1:00.), 3° Matthias Walkner (AUT/Ktm) 6:47.




*Nasser Al-Attiyah sy Matthieu Baumel.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy poireaux indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Somary hatao ridritra na hatao ketsaketsa izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanalana tavy amin'ny kibo

Fomba natoraly fanalana tavy amin'ny kibo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Noho ny fahasahiranana eo amin'ny fotoana, mety tsy mahavita manao fanatanjahantena be ianao, hanala ny tavy amin'ny kibo, fe, fitombenana, sy izay tavitavy kely amin'ny vatanao. Zavatra ilaina: jus akondro ampiana sakamalaho.

Potserina halemy tsara ny akondro 1 ary afangaro amin'ny rano 1 vera, mety koa raha mixer-na, tsy ampiana siramamy ary ampiana sakamalaho toy ny ankihibe eon y habeny.

Sotroina ny 1 vera rehefa maraina mbola tsy nisakafo iny. Ny akondro sy sakamalaho dia mitroka ny tavy izay tsy ilaina, indrindra ny amin'ny kibo.

Ataovy mandritra ny 1 volana eo.

Aza tapahina ny fanaovana azy isan'andro, fa sady hahasalama no hampavitrika.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Mitsinjo any amin'ny distrikan'i Mitsinjo faritra Boeny




Ny tanànan'i Mitsinjo any amin'ny distrikan'i Mitsinjo faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'i Mitsinjo izy, iray amin'ireo kaominina miisa 7 mandrafitra ny distrikan'i Mitsinjo. Mpamboly sy mpiompy ary mpanjono ny mponina any Mitsinjo, mpanjono an-dranomasina, mpanjono ihany koa amin'ny farihin'i Kinkony. Vokatra any ny vary, ny fary, ny voankazo isan-karazany toy ny: manga, ny mahabibo, ny voasarimakirana,… Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 23 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any afovoany andrefan'ny faritra Boeny no misy an'i Mitsinjo.